# NY FIHAVANANA

## 1-Famaritana

Ny havana:

Antsoina hoe « Havana » amin'ny ankapobeny ireo olona iaraha-monina,izany hoe, iraha-mivelona, iaraha-miaina ka ifaneraserana isan'andro.

- Ny « mpihavana » kosa ireo olona iray ra, fototra niaviana, iray razana iombonana, ireo no atao hoe havana akaiky.
- Lazaina hoe : "lafin-kavana" kosa ireo havana lavitra na havana tetezina.

Ny fihavanana:

Fifandraisana tsara, akaiky teo amin'ny olona mpiara-belona na iray fianakaviana mihitsy ny atao hoe fihavanana.

Avy teny hoe "Havana" izy io,izay midika hoe olona ifandrasana akaiky na fianakaviana mihitsy.

## 2-Fihetsika anehoana ny fihavanana

Ireto avy izany:

- Fifankatiavana
- Fifampintsimbinana
- Firaisankina
- Fifamangivangina
- Fifamonjena
- Fifanampiana

## 3-Ireo karazana endri-pihavanana misy

Miseho amin'ny karazany roa ny fihavanana:

### 3.1 Fihavanana voajanahary

Fihavanana ara-pianahana :_Efa miforona io karazam-pihavanana io raha vao teraka ny olona. Olona mifamatotra ao anaty tetiharana iray, iray razam-be niaviana. Mety ho lavitra na akaiky ny fifandraisany,
Mamatotra azy ireo ny ra iraisana.
Ohatra: fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka

Toy izao no fisehony:

## 3.2 Fihavanana namboarina

### Fihavanana ara-panambadiana

Fihavanana nateraky ny olon-droa, lahy sy vavy, vonona hivady, nitambatra ho tokantrano iray ity fihavanana ity. Izany no nampisy sy niteraka ny anarana toy ny hoe: rafozana, vinanto, zaodahy…sns

Namatotra azy ny fifanekena ara-panambadiana toy ny mariazy nentim-paharazana (vodiondry), ara-panjakana (fisoratana) sy ara-pinoana.

### Fihavanana ara-piarahamonina

- Nipoitra noho ny fifaneraserana eo amin'ny fiarahamonina toy ny mpifanolobodirindrina, toeram-piasana, fiangonana… sns izy io.
- Matetika mampiforona azy ny fifankatiavana sy ny fifanampiana ary ny fifamonjena amin'ny sarotra.
- Ny lalàna na ny zava-misy sy miseho eo amin'ny fiarahamonina kosa no mamatotra azy.
- Misy indraindray te hanamafy lalina kokoa io karazana io ka asehony amin'ny alalan'ny FATI-DRA na FATO-DRA sy ny ZIVA izany.

## 4. Ohabolana

*"Ny fihavanana toy ny jiafotsy vao tsy hialan-kosokosoka tonta tsy hialan-dromoromo"*
*"Ny fihavanana toy ny fasam-bazimba ka izay mandrava aloha no kely ila"*
*"Ny fihavanana Ohatra ny landy,maty ifanasana, velona itafiana, ka ny madilana alaim-panondro"*
*"Izay mahavangivangy tian-kavana"*
"*Ny havan-tiana tsy iaraha-monina*"
"*Ny fihavanana toy ny famorian-tain'omby ka izay mahavezivezy ihany no mahafeno harona*"
*"Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana"*
*"Aza atao fihavanam-bato raha tapaka tsy azo atohy"*

# NY FATO-DRA NA FATI-DRA

**Famarintana**:

Ny atao hoe fati-dra na ny fato-dra dia fomba fanamafisanam-pihavanana amboarina amin'ny alalan'ny fandidiana kely amin'ny faritry ny vatana ataon'olona roa hivoahan'ny ra hifanakalozana mba hifamatorana ho iray.

**Fepetra takiana amin'ny olona hanao fati-dra**

- Olona roa tsy mpihavana ara-pianahana sy ara-panambadina
- Mpinamana roa vonona hifanao soa mandrakizay
- Tsy maintsy mitovitovy ny fari-piainan'ny roa tonta

**Fomba fanatаterahana azy**

Samy manana ny fomba fanantaterahana ny fati-dra avokoa ny faritra tsirairay avy.

Misy ihany anefa ny fomba mitovy sy iraisana:

- Tsy maintsy mivoaka amin'ny vatana sy ampifandraisina ny ra, na sotroina izany, na atao amin'ny vokaka na tangena.
- Tsy maintsy misy velirano sy voady atao. Ka miantso tody tsara an'izay manao tsara ary tody ratsy an'izay manao ratsy, antsoina hoe **tsitsika** izany.

Tsy maintsy faranana amin'ny lanonana izy io; fa ny fadaminana fotsiny no tsy voatery hitovy.

**Ny vokany :**

**4.1 Tsara :**

- Mampivelatra ny fihavanana eo amin'ny fiarahamonina
- Fifampitokisana mandra-maty
- Mahatonga fifampitsimbina sy fifanampiana ary ny fanaovana soa eo amin'ny samy mpiara-belona
- Mampihena ny fanaovan-dratsy noho ny tahotra ny tsitsika
- Mahatonga ny olona hahazo tsoa-drano avy amin'ny tsitsika

**4.2 Ratsy :**

- Mahatonga ozona ho an' izay sendra tsy mahatandrin-tena
- Mitondra amin'ny fandanidaniam-poana ihany koa izy
- Mampimparitaka ny aretina mifindra amin'ny alalan'ny rà

Ny fomba rehetra araka ny endriny eto dia tsy misy maharatsy azy tanteraka, fatokony hampifanarahana fotsiny araka ny zava-misy amin'ny toetr'andro.

NY FATO-DRA NA FATI-DRA

NY FATO-DRA NA FATI-DRA

## Famarintana:

Ny atao hoe fati-dra na ny fato-dra dia fomba fanamafisanam-pihavanana amboarina amin'ny alalan'ny fandidiana kely amin'ny faritry ny vatana ataon'olona roa hivoahan'ny ra hifanakalozana mba hifamatorana ho iray.

## Fepetra takiana amin'ny olona hanao fati-dra

- Olona roa tsy mpihavana ara-pianahana sy ara-panambadina
- Mpinamana roa vonona hifanao soa mandrakizay
- Tsy maintsy mitovitovy ny fari-piainan'ny roa tonta

## Fomba fanataterahana azy

Samy manana ny fomba fanantaterahana ny fati-dra avokoa ny faritra tsirairay avy.

Misy ihany anefa ny fomba mitovy sy iraisana:

- Tsy maintsy mivoaka amin'ny vatana sy ampifandraisina ny ra, na sotroina izany, na atao amin'ny vokaka na tangena.
- Tsy maintsy misy velirano sy voady atao. Ka miantso tody tsara an'izay manao tsara ary tody ratsy an'izay manao ratsy, antsoina hoe **tsitsika** izany.

Tsy maintsy faranana amin'ny lanonana izy io; fa ny fadaminana fotsiny no tsy voatery hitovy.

## Ny vokany :

### 4.1 Tsara :

- Mampivelatra ny fihavanana eo amin'ny fiarahamonina
- Fifampitokisana mandra-maty
- Mahatonga fifampitsimbina sy fifanampiana ary ny fanaovana soa eo amin'ny samy mpiara-belona
- Mampihena ny fanaovan-dratsy noho ny tahotra ny tsitsika
- Mahatonga ny olona hahazo tsoa-drano avy amin'ny tsitsika

### 4.2 Ratsy :

- Mahatonga ozona ho an' izay sendra tsy mahatandrin-tena
- Mitondra amin'ny fandanidaniam-poana ihany koa izy
- Mampimparitaka ny aretina mifindra amin'ny alalan'ny rà

Ny fomba rehetra araka ny endriny eto dia tsy misy maharatsy azy tanteraka, fatokony hampifanarahana fotsiny araka ny zava-misy amin'ny toetr'andro.